# Ilay toetra maha-Andriamanitra ahy sy ny tanjoko araka an' Andriamanitra

1. Vakio ity teny nambaran'ny Loholona Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ka tadiavo ny fanirian'ny Mpamonjy ho anao:



Mino aho fa tian'i Jesoa Kristy Mpamonjy ho hitanao sy ho tsapanao ary ho fantatrao fa Izy no herinao. Fa noho ny fanampiany dia tsy misy fetra ny zavatra azonao atao. Tsy misy fetra ny hery anaty anananao. Tiany hahita ny tenanao amin'ny fomba fahitany anao ianao. Ary izany dia tena hafa noho ny fomba fijerin'izao tontolo izao anao.

Hambaran'ny Mpamonjy tsy am-pihambahambana fa ianao dia zanakavavy na zanakalahin'ilay Andriamanitra Tsitoha. Ny Rainao any An-danitra no olona be voninahitra indrindra eo amin'izao rehetra izao, feno fitiavana, fifaliana, fahadiovana, fahamasinana, fahazavana, fahasoavana ary fahamarinana. Ary indray andro any dia tiany handova izay rehetra ananany ianao. (Dieter F. Uchtdorf, "I Jesoa Kristy no maha-zatovo mahery," *Liahona*, nôv. 2022, 9–10)

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7 ka tadiavo ny zavatra irin'ny Ray any An-danitra homena anao.

2. Vakio ity teny nambaran'ny Rahavavy Michelle D. Craig ity, izay tao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany teo aloha, ka tadiavo ny toroheviny ho an'izay rehetra miahiahy momba ny hasarobidiny araka an' Andriamanitra:



Angamba ny zavatra manan-danja indrindra tokony ho hitantsika mazava tsara dia hoe iza Andriamanitra sy hoe iza marina isika. Isika dia zanakalahy sy zanakavavin'ireo ray aman-dreny any an-danitra izay manana "toetra araka an' Andriamanitra sy anjara mandrakizay." [teny filamatry ny Zatovovavy, ChurchofJesusChrist.org]. Angataho Andriamanitra mba hanambara ireo fahamarinana ireo aminao sy ny zavatra tsapany momba anao. (Michelle D. Craig, "Maso hahita," *Liahona*, nôv. 2020, 15)


Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10–13, ka tadiavo ny zavatra tsapan'ny Ray any An-danitra momba anao.

3. Vakio ity teny nambaran'ny Filoha Susan H. Porter, izay Filohan'ny Kilonga maneran-tany ity, ka tadiavo ny antony ilantsika tsirairay mahafantatra ny zavatra tsapan'ny Ray any An-danitra momba antsika:



Rehefa fantatrao sy takatrao fa tena tiana tanteraka ianao amin'ny maha-zanak' Andriamanitra anao dia manova ny zavatra rehetra izany. Manova ny fahatsapanao momba ny tenanao izany rehefa manao fahadisoana ianao. Manova ny fahatsapanao izany rehefa sendra zavatra sarotra mitranga. Manova ny fahitanao ireo didin' Andriamanitra izany. Manova ny fahitanao ny hafa sy ny fahaizanao mitondra fiovana izany. (Susan H. Porter, "Ny fitiavan' Andriamanitra: Ilay mampiravoravo indrindra ny fanahy," *Liahona*, nôv. 2021, 33)

4. Vakio ity teny nambaran'ny Filoha Russell M. Nelson ity, ka tadiavo ny zavatra nampianariny momba ny fanantenan'ny Raintsika any An-danitra ho antsika tsirairay avy:



Ny drafitry ny Ray any An-danitra ho an'ny zanany dia manome fahafahana antsika hiaina any amin'ny toerana iainany sy hiaina ny fomba iainany ary amin'ny farany dia ho tonga kokoa hatrany tahaka Azy. Ny drafiny dia manao izay ahafahantsika mahazo ara-bakiteny ireo fitahiana sarobidy indrindran'ny mandrakizay rehetra, anisan'izany ny fahafahantsika ho tonga "mpiray lova amin'i Kristy" [Romana 8:17]. (Russell M. Nelson, "Safidy ho an'ny mandrakizay" [fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony, 15 mey 2022], broadcasts.ChurchofJesusChrist.org)

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_553-1